## 1. TANJONA

Ity Politika momba ny Fahasalamana sy Fiarovana amin'ny loza eo amin'ny toeram-piasana, ny Tontolo Iainana, ny Fiarahamonina ary ny Kalitao (HSECQ) ity dia mampita ny soatoavina, vina, sori-dalana ary ireo adidy raisin'i Ambatovy amin'ireo sehatra ireo ho an'ny antoko rehetra liana.

## 2. SEHATRA IANTEFAN'NY RAFITRA FITANTANANA FAOBE

Ny Rafitra Fitantanana Kalitaon'i Ambatovy, izay voamarina amin'ny fenitra **ISO 9001** nanomboka tamin'ny 2014, dia mahakasika ireo asa rehetra ao amin'ny ozinina fanodinana, ny laboratoara, ary ny fitaterana an-dranomasina.

Nanomboka tamin'ny Jona 2023, Ambatovy dia nahazo fanamarinam-penitra **ISO 14001** (Rafitra Fitantanana ny Tontolo Iainana ) sy **ISO 45001** (Rafitra Fitantanana ny Fahasalamana sy Fiarovana amin'ny loza eo amin'ny toeram-piasana) ho an'ny DMSA ka tafiditra ao anatin'izany ny Ozinina, ny Toeram-panatobiana ambin'akora (TMF), ny toerana fitehirizana amôniaka, ny faritry ny seranantsambo iasan'Ambatovy, ary ny biraon'Ambatovy ao Antananarivo.

Na dia mihatra amin'ny toerana voafantina aza ireo fanamarinana **ISO 9001:2015, ISO 14001:2015, ary ISO 45001:2018**, ny Rafitra Fitantanana HSEQ kosa dia ampiharina manontolo amin'ireo vondrona fandraharahana roa (AMSA sy DMSA) eto Ambatovy.

Ity Politika HSECQ ity dia mihatra amin'ny mpiasa sy mpanome tolotra rehetra ao Ambatovy (AMSA sy DMSA).

## 3. SOATOAVINA, VINA, ARY SORI-DALANA ETO AMBATOVY

### 3.1 SOATOAVINA

Ny fahamaron'ny olona, sy ireo kolontsaina ary ireo mpiara-miombon'antoka samy hafa anivontsika dia manampy amin'ny fametrahana tontolo iasana izay hahatsapan'ny rehetra fa voaaro, heno, hajaina ary voatosika hitombo. Io tontolo io no manohana ny fahatratrarana ny paikady sy tanjontsika, izay miorina amin'ny soatoavina fototra efatra:

**FANAJANA**
Mampihatra fitondrana mendrika sy manaja amin'ny toe-javatra rehetra isika.

**FAHITSIANA**
Marina amin'ny teny sy etika amin'ny zava-drehetra atao isika.

**ANDRAIKITRA**
Mandray andraikitra amin'ny fanapahan-kevitra, teny ary fihetsika ataontsika isika.

**FANAVAOZANA**
Miezaka hatrany hanatsara sy hikatsaka izay hahatsara amin'ny lafiny rehetra ny orinasantsika isika.

### 3.2 VINA

Ny ho lasa mpamokatra nikela sy kôbalta avo lenta mahomby indrindra sy maharitra indrindra maneran-tany.

### 3.3 SORI-DALANA

Hamatsy ny tsena iraisam-pirenena amina nikela sy kôbalta avo lenta, ao anatin'ny fanajana ireo fenitra ambony indrindra manerantany, indrindra momba ny andraikitry ny Orinasa eo amin'ny lafiny sôsialy, ka atao vaindohan-draharaha manokana ny lafiny fahasalamana, ny fiarovana amin'ny loza ny mpiasa sy ny an'ireo mpiasan'ny orinasa mpiantoka asa, ny fiarovana ny tontolo iainana manodidina, ary ny fitondrana tombondahiny maharitra ho an'ny vondrompiarahamonina any amin'ireo faritra iasan'ny Orinasa.

## 4. PAIKADY HSECQ AMBATOVY

Mifototra amin'ireto teboka manaraka ireto ny paikady momba ny Fahasalamana sy Fiarovana amin'ny loza eo amin'ny toeram-piasana, ny Tontolo iainana, ny Fiarahamonina, ary ny Kalitao:

- ***Fahasalamana sy Fiarovana amin'ny loza eo amin'ny toeram-piasana:*** Mametraka, mampiroborobo ary mitazona kolontsaina maharitra sy lovainjafy ho fisorohana ny mety ho trangan-doza na ratra na voina amin'ny mpiasa, ny mpiasan'ny orinasa mpiantoka asa, ny orinasa mpamatsy, ary ny vondrompiarahamonina miara-miasa amintsika.

- ***Tontolo iainana:*** Mitazona sy manaporofo ny teny nomena amin'ny maha orinasa mpitrandraka tomponandraikitra antsika, amin'ny alalan'ny fisorohana, fampihenana, fanalefahana na fanorenana ny tontolo iainana voakasiky ny asa fitrandrahana, ary ny fitandrovana ny haren-javaboaary. Miara-miasa akaiky amin'ny Fitondram-panjakana sy ny vondrompiarahamonina amin'ny fiarovana sy ny fitandroana ny rohivoaary ao anatin'ny faritra iasantsika.

- ***Fiarahamonina:*** Ny ho mpiray vodirindrina mahatoky ho an'ireo vondrompiarahamonina manodidina antsika, ka hampiroborobo fifandraisana samy hahazoan'ny roa tonta tombontsoa. Miara-miasa amin'ireo mpiombonantoka sy mpiombontsehatra voakasik'izany amin'ny fandraisana anjara amin'ny fampandrosoana ny lafiny sôsialy sy toekarena ho an'ireo vondrompiarahamonina voakasiky ny asa fitrandrahana ataontsika.

Ity Politika ity sy ny antontan-kevitra rehetra ampiarahana aminy dia fananan'ny Orinasa Ambatovy. Tsy azo atao ny mandika na maka tahaka na mizara izany amin'ny hafa, na manontolo na amin'ny ampahany, na amin'ny endriny taratasy na ara teknôlôjia raha tsy nahazoana alalana mazava sy an-tsoratra avy amin'ny Mpitantana manana fahefana manao izany ato amin'ny Orinasa Ambatovy.

- ***Kalitao:*** Miantoka sy manatsara hatrany ny fahafaham-pon'ny mpanjifa sy ny mpiombonantoka amintsika, amin'ny alalan'ny fanajana ny fenitra takian'izy ireo sy ny famaliana ny zavatra andrasany amintsika.

Manome antoka Ambatovy fa manaja ireo lalàna mifehy eto amin'ny firenana sy ny any ivelany ary hametraka toeram-piasana ara-pahasalamana sy lavitra ny loza, izay ahitana mpiara-miasa manana fahaizamanao sy nahazo fiofanana tsara, ka afaka manatanteraka ny asany amin'ny fomba mahomby sy lavitra ny loza, ary mandray anjara mavitrika amin'ny fametrahana kolontsaina mikajy ny tontolo iainana. Ampirisihina ny mpiara-miasa rehetra mba hiteny sy handray andraikitra hampiato avy hatrany ny asa mampidi-doza rehetra raha mahita tranga toy izany, ary hijery izay lafin'asa mety hisy fiantraika ratsy amin'ny tontolo iainana na mety hiteraka tsy fanaraham-penitra ny kalitaon'ny vokatra.

## 5. ANDRAIKITRA SY ADIDY

### 5.1 Filoha (CEO)

Amin'ny maha-lehibe'ny Ekipa Mpitantana ambony ahy, dia manolo-tena tanteraka ary mandray anjara feno amin'ny fanatanterahana sy ny fanatsarana hatrany ary ny fahombiazan'ity rafitra fitantanana mahakasika ny Fahasalamana sy fiarovana amin'ny loza eo amin'ny toeram-piasana, ny Tontolo iainana, ny Fiarahamonina ary ny Kalitao ity, izay nampiharina tato anatin'ny taona vitsivitsy aho.

### 5.2 Mpitantana ambony eto Ambatovy

Ireo Mpitantana ambony eto Ambatovy dia tompon'andraikitra amin'ny fanomezana antoka fa ny mpiasa sy ny mpiara-miombon'antoka rehetra dia mahafantatra, mahatakatra, ary mandray anjara mavitrika amin'ny fanatanterahana ny andraikiny sy adidiny ao anatin'ny rafitra HSECQ.

### 5.2 Mpiasa sy Mpanome tolotra rehetra miasa eto Ambatovy.

Ny mpiasa rehetra dia omena fahefana sy ampirisihina hiteny sy handray fepetra rehefa miatrika loza, fitondran-tena tsy azo antoka, na toe-javatra mety hiteraka fiantraikany ratsy amin'ny tontolo iainana na hiteraka vokatra tsy mifanaraka amin'ny fenitra.

Natao ho zaraina, mila azon'ny rehetra ary ampiharina manerana ny Orinasa Politika ity. Tsara hovakiana miaraka amin'ny Politikan'ny Zon'olombelona an'i Ambatovy, ny Politika Responsible Minerals Initiative (RMI) , ary ny Torolalana momba ny Fahitsiana an'i Ambatovy.

## 6. IREO ANTONTAN-TARATASY HAFA AMPIASAINA

- *Manuel HSEQ*/Taridalana momba ny HSEQ;
- *Process Data Sheet*/ Fehin-kevitra teknika momba ny zotram-panatanterahana asa;
- *Interaction Processus*/ Zotram-panatanterahana ny fifandraisana amin'ny samy mpiara-miasa;
- *Occupational Heath and Safety Procedures*/ Dingana arahina amin'ny lafin'ny OHS;
- *Environment Procedure*/ Dingana arahina eo amin'ny lafiny Tontolo iainana;
- *Customer Management Procedure/ Dingana arahina eo amin'ny lafin'ny varotra;*
- *Integrated Management System Procedure*/ Dingana arahina momba ny rafitra fitantanana faobe.

## 7. TANTARAN'NY FANOVANA

| Fanovana | Daty | Antony |
|---|---|---|
| 0 | 2017 | Famolavolana antontan-kevitra |
| 1 | 2022 | Fanavaozana ny sori-dalana sy ireo paikady HSEQ |
| 2 | 2023 | Fanavaozana ny sehatra iantefan'ny rafitra fitantanana faobe ho an'ny DMSA manokana. Fanitsiana ny tanjona OHS sy eo amin'ny lafiny tontolo iainana |
| 3 | 2024 | Fanavaozana ny antontan-kevitra araka ny Pôlitika mifehy ny fanaraham-penitra. |
| 4 | 2025 | Fanavaozana ny Tanjona sy ny Fefy. Fanazavana fa mihatra amin'ny AMSA sy DMSA ny rafimpitanantana fa ny certification kosa dia natao ho an'ny DMSA ihany. Fanampiana amin'ny fizarana ny soatoavina sy fanitsiana ny endriky ny Politika |
| 5 | 2026 | Fanovana ny fanamaritana ny asa ny filoha ho tena filoha fa tsy filoha mpisolotoerana. |

## 8. FIZARANA

| Fizarana | | |
|---|---|---|
| ■ Fampiasana ankapobeny ho an'ny 0rinasa: Ho an'ny mpiasa rehetra | □ Voafetra: Ho an'ny Departementa sasantsasany | □Tsiambaratelo : Ho an'andiana olona vitsy ihany. |

## 9. FANOMEZANA ALALANA

07/08/2026

Nankatoavin'i Trevor Naidoo
Filoha - Ambatovy JV
Sonian'ny Tale sy Daty

Ity Politika ity sy ny antontan-kevitra rehetra ampiarahana aminy dia fananan'ny Orinasa Ambatovy. Tsy azo atao ny mandika na maka tahaka na mizara izany amin'ny hafa, na manontolo na amin'ny ampahany, na amin'ny endriny taratasy na ara teknôlôjia raha tsy nahazoana alalana mazava sy an-tsoratra avy amin'ny Mpitantana manana fahefana manao izany ato amin'ny Orinasa Ambatovy.

## 1. PURPOSE

This Occupational Health and Safety, Environment, Community and Quality (HSECQ) Policy communicates Ambatovy's vision, mission and strategic commitments in these areas to all interested parties.

## 2.SCOPE

Ambatovy's Quality Management System, certified to **ISO 9001** since 2014, covers activities at the refinery, laboratory, and shipping operations. As of June 2023, Ambatovy has also been certified to **ISO 14001** (Environment Management System) and **ISO 45001** (Occupational Health and Safety Management System) for DMSA, covering the Plant Site, Tailings Management Facility, Ammonia storage, Ambatovy Port and the Antananarivo office.

Although **ISO 9001:2015, ISO 14001:2015, and ISO 45001:2018** certifications apply to selected sites, the Ambatovy HSEQ Management System is implemented across both operational entities: AMSA and DMSA.

This HSECQ Policy applies to all Ambatovy employees and contractors (AMSA and DMSA).

## 3. AMBATOVY VALUES, VISION AND MISSION

### 3.1 VALUES

Our diverse people, cultures, and stakeholders help create a work environment where everyone feels safe, heard, respected, and empowered. This environment supports the achievement of our strategies and objectives, grounded in our four core values:

**RESPECT**
We treat others with dignity and respect, regardless of the situation.

**INTEGRITY**
We are true to our word and are ethical in all that we do.

**RESPONSIBILITY**
We take responsibility for our decisions, our words and our actions.

**EXCELLENCE**
We are committed to continuous improvement in all aspects of our business.

### 3.2 VISION

To be recognized as the world's most successful and sustainable producer of high-quality nickel and cobalt.

### 3.3 MISSION

To deliver high-quality nickel and cobalt to the global market, while upholding the highest standards of corporate and social responsibility, with the utmost regard for the health and safety of our employees and contractors, the preservation of the surrounding environment, and the creation of long-lasting benefits for the communities in our areas of operation.

## 4. AMBATOVY HSEQ STRATEGY

Our strategy for Health & Safety, Environment, Community and Quality is as follows:

- **Health & Safety:** To build, promote, and maintain a sustainable safety culture aimed at preventing health and safety incidents and losses among employees, contractors, suppliers and community partners.

- **Environment:** To demonstrate our commitment as a responsible operator by avoiding, reducing, mitigating, and offsetting our environmental footprint and ensuring the conservation of biodiversity. To collaborate with the government and communities for the preservation and conservation of the ecosystem within the areas where we operate.

- **Community***:* To be recognized as a good neighbour by our surrounding communities through mutually beneficial relationships. To collaborate with relevant stakeholders and partners to contribute to the socio-economic development of our focus communities.

- **Quality:** To continuously meet and exceed the expectations of our customers and stakeholders by adhering to their requirements and driving continuous improvement.

Ambatovy is committed to fulfill its compliance obligation and providing a safe, healthy, and inclusive workplace, with an empowered and well-trained workforce capable of performing their tasks efficiently and safely, while actively promoting environmental stewardship and responsible practices throughout our operations.


*This document and any attached materials are the sole property of Ambatovy. No part thereof may be reproduced, stored, copied or transmitted in any form or by any means (electronic, mechanical, photocopying or otherwise), without the express written consent of an authorized Ambatovy representative.*

## 5. ROLES & RESPONSIBILITIES

### 5.1 Chief Executive Officer (CEO)

As the head of the Executive Management Team, I am fully committed to the continuous improvement and success of our Occupational Health & Safety, Environment, Social and Quality Management Systems, which have been implemented over the past few years.

### 5.2 Ambatovy Senior Management

The Senior Management is responsible for ensuring that all employees and stakeholders are aware of, understand, and actively participate in fulfilling their roles and responsibilities under the HSECQ framework.

### 5.3 Employees and Contractors

All workers are empowered and encouraged to speak up and act when facing hazards, unsafe behavior, or situations that could have a negative environmental impact or result in non-conforming products.

This policy shall be communicated, understood, and applied across the entire organization. It should be read in conjunction with the Ambatovy Human Rights Policy, the Responsible Minerals Initiative Policy, and the Ambatovy Integrity Guide.

## 6. SUPPORTING DOCUMENTS

- *HSEQ Manual;*
- *Process Data Sheet;*
- *Interaction Process Map;*
- *Occupational Health & Safety (OHS) Procedures;*
- *Environment Procedures;*
- *Customer Management Procedure;*
- *Integrated Management System Procedures.*


## 7. REVISION HISTORY

| Revision | Date | Reason |
|---|---|---|
| 0 | 2017 | Document creation |
| 1 | 2022 | Update of the Mission and the HSEQ Strategies |
| 2 | 2023 | Updated scope of the Management System: Only DMSA. Review of the OHS and Environment Objectives |
| 3 | 2024 | Aligned document format with Normative Policy. Updated ISO 14001 and ISO 45001 certifications. |
| 4 | 2025 | Update Purpose and Scope. Clarified application to both AMSA and DMSA (noting Management System certification only applies to DMSA).<br>Added to the Ambatovy Values section and revised document structure. |
| 5 | 2026 | Change of the job title of the president as CEO |

## 8. DISTRIBUTION

| Distribution | | |
|---|---|---|
| ■ Company general Use | □ Restricted | □ Confidential |

## 9. APPROVAL




Approved by Trevor Naidoo
President, Ambatovy JV
Signature and Date

*This document and any attached materials are the sole property of Ambatovy. No part thereof may be reproduced, stored, copied or transmitted in any form or by any means (electronic, mechanical, photocopying or otherwise), without the express written consent of an authorized Ambatovy representative.*